ILAY FAHITANA TAO PATMO.
Apokalipsy 1:9-20.
Jaona tao Patmos.
Apokalipsy 1:9, Izaho Jaona, rahalahinareo sy namanareo amin'ny fahoriana ary amin'ny fanjakana sy ny faharetana ao amin'i Jesosy Kristy, dia tao amin'ny nosy atao hoe Patmo noho ny tenin'Andriamanitra sy ny filazàna an'i Jesosy Kristy.

Ireo fahitàna misesisesy ao amin'ny Apokalypsy io, momban'ny Tenan'i Jesosy Kristy dia nomena an'i Jaona rehefa natao sesitany tany amin'ny Nosy Patmo izy. Io nosy kely io dia telo-polo kilaometatra miala ny morontsirak'i Azia Minora any amin'ny Ranomasina Égée. Be vato sady feno bibilava, androngo sy maingoka, izy dia nanan- danja ihany ara-barotra, noho izany dia nampiasain'ny Fanjakàna Romana ho toby fanasaziana izay nampiantranona ny tena mpanao heloka bevava, gadra politika, sns…Ho tsikaritrareo fa i Jaona dia miresaka ny tenany tamin'ireo Kristianina toy ny rahalahy ao amin'ny fahoriana. Tamin'izany fotoana izany ny fiangonana voalohany no nandeha tamin'ny fanenjehana lehibe. Ny fivavahan'izy ireo dia tsy vitan'ny hoe "efa ratsy laza teny rehetra teny" fa ny olona mihintsy no naiditra am-ponja sy novonoina. Jaona, toy ny maro hafa, dia nijaly tao am-ponja noho ny Tenin'Andriamanitra sy ny filazàna momba an'i Jesôsy Kristy. Rehefa nosamborina izy, dia niezaka ny namono azy izy ireo kanefa tsy nahaomby tamin'ny nandatsahany azy TAO ANATY MENAKA MANGOTRAKA EFA HO EFATRA AMBY ROAPOLO ORA. Ilay manam-pahefàna romotra tsy nanan-kery dia nanasazy azy ho any Patmo tahaka ny mpamosavy. Nefa Andriamanitra nomba azy, ka namela azy handao ny nosy, ary niverina tany Efesôsy indray izy ary nanohy ny maha- mpiandry ondry azy mandra-pahatongan'ny fotoana nahafatesany.

Ny fahitàna azon'i Jaona dia nahasarona fe-potoana tokony ho roa taona, A.D. 95-96. Izy ireo no tena fahitàna miavaka indrindra ao amin'ny Teny. Ny boky iray manontolo dia aseho ao amin'ny tandindona, ka noho izany dia lasibatry ny fanakianana be sy ny fifandirana. Na izany aza, io dia manana ny tombokasen'cAndriamanitra eo aminy. Izany no mahatonga azy ho tena marina sy sarobidy HO AN'NY REHETRA IZAY MAMAKY NA MIHAINO ny pejy masina ao aminy.

AO AMIN'NY FANAHY TAMIN'NY ANDRON'NY TOMPO.

Apokalipsy 1:10 "Voatsindrin'ny Fanahy tamin'ny Andron'ny Tompo aho, ka nahare feo mahery teo ivohoko, toy ny feon'ny trompetra."

"Voatsindrin'ny Fanahy aho." Moa ve tsy mahafinaritra izany? Oh, tena tiako izany . Azonao lazaina toy izao ireo teny ireo, "Ny fiainana kristianina manontolo." Raha toa isika ka hiaina toy ny Kristianina, dia tsy maintsy ho ao amin'ny FANAHINY. Jaona tsy niresaka momba ny tenany hoe tao amin'ny fanahiny manokana. Tsy afaka nitondra ireo fahitàna ireo izany. Tsy maintsy ny Fanahin'Andriamanitra izany. Tsy maintsy ny Fanahin'Andriamanitra amintsika ihany koa, raha tsy izany ny ezaka ataontsika rehetra dia very maina. Hoy i Paoly: "Izaho hivavaka amin'ny Fanahy, izaho hihira amin'ny Fanahy, izaho hiaina ao amin'ny Fanahy." Raha toa ka misy zavatra tsara izay ho tonga amiko dia tsy maintsy asehon'ny Fanahy izany, hamarinin'ny Teny, ary miharihary amin'ny vokatra entiny. Satria Jaona tsy maintsy nilaina ho ao amin'ny Fanahy mba handray ny fanambaràna lehibe vaovao avy amin'i Jesôsy , isika koa dia tokony ho ao amin'ny Fanahy mba hahatakatra ny fanambaràna izay nomen'Andriamanitra antsika mba hiainana ao amin'ny Teniny,

satria Fanahy iray ihany izany.

Jereo tahaka izao ny momba izany. Betsaka ny mamaky izay voalazan’ ny Baiboly ao amin'ny Asan'ny Apostoly 2:38: " Mibebaha ianareo, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesôsy Kristy ho famelana ny helokareo; ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina," fa nandalovany fontsiny izany. TSY HITAN’ IZY IREO IZANY. Raha nahita izany izy ireo, tamin'ny alàlan'ny fidirana ao amin'ny Fanahy, dia ho fantany fa raha te- handray ny Fanahy Masina izy ireo, dia mila mibebaka sy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesôsy Tompo, avy eo Andriamanitra tsy maintsy hanatanteraka ny Teniny amin'ny alàlan'ny famenoany azy ireo ny Fanahy Masina. Tsy mbola niditra tao amin’ny Fanahiny na oviana na oviana izy ireo fa raha tsy izany dia nitranga tamin’izy ireo koa izay araka ny voalazan’ny Teny. Mivavaha amin'Andriamanitra mba hanana fanambaràna amin'ny alàlan'ny Fanahiny. Izany no dingana voalohany, MIDIRA AO AMIN'NY FANAHY.

Mamelà ahy hampiasa fanoharana iray hafa. Aoka hatao hoe mila fanasitranana ianao. Inona no lazain’ny Teny? Eny, isika rehetra dia efa samy namaky izany imbetsaka, fa tsy tafiditra tao amin'ny Fanahy rehefa mamaky azy io. EFA NANGATAKA TAMIN'ANDRIAMANITRA VE ISIKA MBA HANOMEZANY ANTSIKA NY FANAHINY MBA HAMPIANATRA ANTSIKA ny tena fahamarinan'izany? Raha nanao izany isika dia mety niantso ireo anti-panahy, miaiky ny fahotantsika, ho voaosotra ary nivavahana, ary mety ho tahaka izany. Mety tsy ho tonga avy hatrany izany, fa ao amin’ny Fanahiny dia efa tanteraka izany. Tsy misy fitsarana ambony hafa. Andriamanitra no hanatanteraka ny Teniny. Oh, mila miditra ao amin’ ny Fanahy isika, ary avy eo ny zavatra dia ho vita. AZA MANDEHA AMIN’NY ASA ALOHA. MIDIRA ALOHA AMIN’NY FANAHY DIA MIDIRA AVY EO AMIN’NY ASA, AVY EO JEREO IZAY ATAON’ANDRIAMANITRA.

Efa tsikaritrareo ve ny fomba hidiran’izao tontolo izao amin’ny fanahy amin’ny zavatra izay ao amin'izao tontolo izao? Mandeha any amin'ny lalao baolina izy ireo, ny hetsika ara-panatanjahan-tena, sy ny dihy. Miditra ao amin'izany fanahy izany izy ireo. Tsy mipetraka eo toy ny voninkazo amin’ny rindrina izy ireo, tapa-kazo maina antitra. Miditra avy hatrany ao amin’ny fahatsapàna izany zavatra izany izy ireo, ka lasa mpandray anjara mavitrika. Kanefa eh, izany fomba ankahalan’izy ireo ny Kristianina miditra ao amin’ny Fanahin'ny Tenin'Andriamanitra. Nomeny anarana hoe mafana fo tafahoatra na hoe mpitabataba. Tsy misy izay tsy ataony mba hanehoany ny fankahalàny sy ny tsy fankasitrahany. Fa adinoy izany. Afaka manantena izany ianao, amin’ny fahafantarana ny fihaviany. Tohizo ny lalana, midira amin’ny Fanahy mivavaka.

Ny fanahintsika dia madio, vaovao, marina. Mahonon-tena sy matotra kanefa na dia izany aza , feno fifaliana avy amin'ny Tompo. Ny Kristianina dia tokony ho ravoravo sy feno ny fifaliany ao amin’ny Tompo tahaka izao tontolo izao rehefa mankafy sy manara-po amin'ny fahafinaretany. Izao tontolo izao sy ny Kristianina dia samy olombelona; samy manana fihetseham-po. Ny mampiavaka azy dia satria ny fon’ny Kristiana sy ny fihetse-pony dia tena madio ao amin’ny Tompon'ny voninahitra sy ny Fitiavany, raha izao tontolo izao mampifaly ny nofo. Ary ankehitriny dia voalaza fa i Jaona tamin'izany dia voatsindrin'ny Fanahy TAMIN'NY ANDRON'NY TOMPO.

Oh, eto dia misy andininy izay tena mahatonga ny sasany hifanditra. Tsy hoe nilaina izany, na hoe tsy maintsy, fa ny sasany amin-dry zareo tsy mahita izay tena lazain’ny Teny. Voalohany indrindra isika dia mahita ny sasany miantso ny Andron’ny Tompo, ny Andro Sabata, izay ho azy ireo dia ny SABOTSY. Avy eo dia misy ireo hafa izay ho azy ireo ny Andron’ny Tompo dia ny ALAHADY, ny andro voalohany amin'ny herinandro. Saingy nahoana no tokony tsy maintsy ny iray amin’ireo andro ireo, na izy roa mitambatra, fa i Jaona tao amin'ny Fanahy nandray ireo fahitàna ireo nandritra ny roa taona. Ny zavatra nitranga dia i Jaona no nakarina tao amin'ny Fanahy ary nentina tao amin'ny ANDRON'NY TOMPO, izay mbola ho avy. Ny Baiboly dia miresaka momba ny Andro 'ny Tompo izay ho amin'ny HO AVY, ary Jaona ankehitriny dia mahita ny zavatra amin’izany

andro ho avy izany. Fa hatreto aloha, mba hampilamina ny saintsika dia aleo isika hijery marina ny atao hoe SABATA ankehitriny.

Ny Sabata, araka ny fahalalantsika ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia TSY ny fitandremana ny andro anankiray. Tsy manana didy na inona na inona isika mba hitandremana ny Asabotsy ho Sabata, ary tsy manana didy isika mba hitandrina ny andro voalohany amin'ny herinandro, izay Alahady. Ity ny marina momban'ny Sabata, izay midika hoe [fitsaharana] Hebreo 4:8, "Fa raha Josoa (Josoa = Jesôsy) no nanome azy ireo fitsaharana, (na andro fitsaharana), dia tsy ho niresaka andro iray hafa Izy tao aorian'izany. Noho izany dia mbola misy fitsaharana (Fitandremana Sabata) ho an'ny olon'Andriamanitra. Fa izay niditra tao amin'ny fitsaharany, dia izy koa no nitsahatra tamin'ny asany, tahaka an'Andriamanitra tamin'ny Azy." Tsy renao fa ny fehezan-teny fototra ao amin'ny tapany farany ao amin'ny andininy? "Andriamanitra nitsahatra tamin'ny Asany." Nomen'Andriamanitra ny Israely ny andro fahafito mba ho Sabatan ‘izy ireo, ho fahatsiarovana ny Asany izay nahariany izao tontolo izao sy izay rehetra tao, ary avy eo dia nijanona ny famoronana. Nitsahatra tamin'ny Asany Izy. Niala sasatra Izy. Ankehitriny dia tsara dia tsara ny manome ny Sabata fitsaharana ho an'ny olona izay tao amin'ny toerana iray tamin’ny fotoana iray, mba hahafahan'izy ireo rehetra mitandrina ny andro anankiray. Ankehitriny ny antsasak’izao tontolo izao dia ao amin'ny fahazavàna ary ny antsasany kosa dia ao amin'ny maizina, noho izany tsy mety miasa izany. Izany anefa dia tohan-kevitra avy amin'ny voajanahary ihany.

Andeha hojerentsika izay ampianarin'ny Baiboly antsika momba izany Sabata fitsaharana izany. [Fa izay niditra tao amin'ny fitsaharany.] Izany fidirana ho ao izany dia tsy ny miditra fontsiny, fa mitoetra ao, ny fitsaharana. Izany dia ` fitsaharana mandrakizay ' izay avy amin ‘izany ny andro fahafito dia karazana ihany. `Ny Fito' dia fahavitàna. `Ny Valo' dia ny andro `voalohany’ indray. Ny fitsanganan’i Jesôsy tamin’ny maty dia teo amin'ny andro voalohany amin'ny herinandro, izay manome antsika ny fiainana mandrakizay sy ny Sabata fitsaharana mandrakizay. Toy izany no ahitantsika ny antony tsy nanomezan’Andriamanitra antsika andro anankiray amin'ny herinandro ho toy ny Sabata [fitsaharana]. Efa `niditra tao' isika, ary ‘mitoetra ao’ amin'ny fitsaharantsika, izay tsy azon’ny Isiraely natao, satria aloky ny tena zavatra izay ananantsika. Koa nahoana no miverina any amin’ny aloka kanefa manana ny tena izy ankehitriny?

Ahoana ary no handraisantsika izany fitsaharana izany, na fanohizana ny Sabata, izany dia ao amin'ny fanasàn’i Jesosy. Hoy izy ao amin'ny Matio 11:28-29, [Mankanesa aty Amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.] Ento ny Ziogako, ka mianara Amiko,... dia hahita fitsaharana ianareo (na ny fitandremana ny Sabata, fa tsy andro, fa ny fiainana mandrakizay, Sabata) ho an'ny fanahinareo. "Tsy mampaninona izay fotoana nivesaran’ny ota anao, na folo taona izany, na telopolo, na dimampolo, na lava noho izany, manantona miaraka amin’ny fiainanao izay efa trotraka dia ho hitanao ny Fitsaharany (ny tena Sabata). Jesôsy no hanome anareo fitsaharana.

Inona marina ary ankehitriny izany fitsaharana homen’i Jesôsy izany? Isaia 28:8-12, “Fa feno loa sy loto ny latabatra rehetra, ka efa tsy misy madio hitoerana. Iza no Hampianariny fahalalàna? Ary iza no Hampahafantariny fianarana? Zaza vao notazaina va? vao nitsaha-nono va? Fa didy anampy didy, didy anampy didy; Fitsipika anampy fitsipika, fitsipika anampy fitsipika; Kely etỳ, ary kely erỳ; Eny, amin'ny molotra miambakambàka sy amin'ny fiteny hafa no Hitenenany amin'ity firenena ity, Izay Nilazany hoe: ity no fitsaharana, (Sabata) ampitsaharanareo ny reraka, (na fitandremana ny Sabatany); ary ity no famelombelomana; Nefa tsy nety nihaino ireo." Eto ny faminaniana dia ao amin'ny Isaia.

Ary nitranga izany tokony ho 700 taona tatỳ aoriana, tamin'ny Pentekôsta, rehefa feno ny Fanahy Masina izy rehetra, araka izay voalaza. io no tena sabata izay nampanantenaina. Izany dia tamin’izy ireo feno ny Fanahy Masina ka nitsahatra tamin'ny asa teo amin'ity tontolo ity, ny fanaony momba izao tontolo izao, ny fomba ratsiny. Ny Fanahy Masina no nandray anjara ny

amin'ny fiainany.Tafiditra tao amin’ny fitsaharana izy ireo. Ao ny fitsaharanao. izany no sabatanao. tsy andro io, na taona, fa ny mandrakizay feno sy voatahy ao amin'ny Fanahy Masina. Io dia ianao mitsahatra, ary Andriamanitra no manao izany. Izany dia Andriamanitra ao anatinareo tia hanao ny Sitrapony.

Mamelà ahy hanao fanamarihana iray hafa momban’ireo mpifikitra amin’ny andro Asabotsy, izay milaza fa diso ny andro hihaontsika amin'ny herinandro rehefa mivory ny Alahady isika, andro voalohany. Izao no voalazan’i Justin tamin'ny taonjato faharoa. "Rehefa Alahady dia natao ny fivoriana ho an’ izay rehetra monina ao amin'ny tanàna sy vohitra, ary nisy famakiana ny tahirim-pampianaran'ny apôstôly sy ny asa soratra araka ny fotoana misy. Rehefa vita ny famakiana, ny filoha tao amin'ny lahateny dia manome ny fananarana sy ny fampirisihana mba hanarahana ireo zavatra mendri-kaja ireo. Rehefa afaka izany, isika rehetra hitsangana mba hanao vavaka iombonana. Amin'ny famaranana ny vavaka, araka ny efa voalazantsika, ny mofo sy ny divay dia napetraka eo anoloantsika, ary ny fisaorana natao, dia ny fiangonana manao hoe, "Amen".

Noho izany ireo zavatra ireo dia nozaraina tamin'ny tsirairay ary ny diakona no nitondra tany an-tranon'ny tsy tonga. Ny manan-karena sy ny tsara sitra-po dia nanome fanomezana araka ny safidy malalaka, ary izany famoriam-bola izany dia napetraka tamin'ny filoha izay miahy ny kamboty, ny mpitondratena, voafonja, olon-tsy fantatra mila fanampiana." Noho izany dia hitantsika fa ireo izay milaza ho fiangonana voalohany dia nitondra ny fanaon'ny Jodaika amin’ny fivoriana amin'ny andro farany amin'ny herinandro dia tena tsy mahalala ny zavatra tian’ny tantara avoaka, ary noho izany dia tsy azo itokisana.

Enga anie ny olona ka ho avy hanantona Azy ka hahita izany fitsaharana izany. Misy fitarainana ao ampon'ny rehetra ho amin'izany fitsaharana izany, fa ny maro an'isa tsy mahafantatra ny valiny. Noho izany izy ireo dia miezaka ny hampitony ny fitarainany amin’ny alàlan’ny fomba ara-pivavahana, dia ny fitandremana andro vitsivitsy na fanekem-pinoana amin’ny anaram-piangonana sy foto-pinoana. Dia rehefa tsy mahaomby izany, maro ny manandrana misotro, miboboka, sy ny fanaranam-po tafahoatra rehetra ara-batana, ary mihevitra fa ny fahafinaretanan’izao tontolo izao dia mety ahitàna fahafaham-po. Fa amin’ny toy izany dia tsy misy fitsaharana. Mifoka sigara sy mitelina pilina izy ireo mba handaminany ny eritreriny. Kanefa tsy misy fitsaharana amin'ny anjaran’ny tany. Mila an'i Jesôsy izy ireo. Mila ny fanafody avy any an-danitra izy ireo, ny fitsaharan’ny Fanahy.

Ary ny ankamaroan'izy ireo dia mandeha any am-piangonana ny Alahady. Tsara izany na dia tsy azon’izy ireo antsaina aza ny fomba fanantonana an’Andriamanitra sy ny fivavahana Aminy. Nilaza i Jesôsy fa ny fivavahana marina dia ao amin'ny Fanahy sy ny fahamarinana, Jaona 4:24. Inona anefa no karazana fivavahana azonao ao amin’ny any fiangonana iray izay kely ny fahalalàny an’Andriamanitra, izy dia mametraka ny Dadabe Noely amin'ny Krismasy sy ny bitro amin'ny Paka? Taiza no nahazoan’izy ireo an’izany? Izany dia avy amin'ny fanompoan-tsampy ka natao ho anisan'ny foto-pampianarana ao amin’ny fiangonana. Fa rehefa mitodika amin'ny Tompo kosa ny olona iray, ary feno ny Fanahy Masina dia hitsahatra amin'izany rehetra izany izy. Manana fitsaharana ao amin'ny fanahiny izy. Tena manomboka velona izy ka tia an'Andriamanitra sy manompo Azy.

Andao ary isika hiverina any amin'ny Soratra Masina. Fantatsika ny atao hoe tsy Andron’ny Tompo. Raha tsy Asabotsy izany na Alahady, inona ary izany ilay izy? Eny ary, aleo hametraka izany tahak’izao isika. Androany dia azo antoka fa tsy ny Andron’ny Tompo. Io dia andron’ny olona. Izany dia ny fanaon’ny olona, ny asan'ny olona, ny fiangonan’ny olona, hevitry ny olona momba ny fivavahana, ny zava-drehetra an’ny olona, satria izao tontolo izao dia an’ny olona (Kosmos). FA NY ANDRON'NY TOMPO HO AVY. Eny. Izany dia amin’ny fotoanan’ny Fanambaràn'i Jesôsy Kristy, Jaona dia nakarin'ny Fanahy ary nentin'ny Fanahy ho any amin’ilay Andro Lehibe izay ho avy. ny andron'ny tompo dia rehefa tapitra ny andron’ny olona. Ny fanjakan'izao tontolo izao dia ho lasa ny

fanjakan’ny Andriamanitsika. Ny Andron'ny Tompo dia rehefa tonga ny fitsarana, ary rehefa afaka izany dia tonga ny fanjakàna arivo taona.

Ankehitriny izao tontolo izao dia manao izay tiany hatao amin'ny Kristianina. Miantso azy ireo amin’ny anarana maneso isan-karazany. Fa ho avy ilay andro lehibe sady malaza, ary izy ireo hitomany sy hidradradradra, satria ny Zanak'ondry dia tonga amin'ny fahatezerana hitsara izao tontolo izao. Izany dia rehefa manana ny androny ao amin’ny Tompo ny marina, fa ny ratsy fanahy hirehitra ary ny olo-marina no hanitsaka ny lavenon’izy ireo ho any amin'ny fanjakàna arivo taona. Malakia 3:21 hoe: "Ary ianareo no hanitsakitsaka ny ratsy fanahy ka ho lavenona eo ambanin'ny faladianareo amin'ny andro izay hotendreko hoy Jehovah Tompon'ny maro.”

NY FEO TAHAKA NY AN'NY ANJOMARA.
Apokalypsy 1:10, *"...ary nahare feo mahery teo ivohoko aho, toy ny feon'ny trompetra."* Jaona dia tao amin'ny Fanahy, ary raha tao izy, dia nahita ilay andron’ ny Tompo Jesôsy lehibe sy mahagaga ary ny Heriny masina. Ny ho avy dia efa nanomboka nivelatra satria Andriamanitra efa hampianatra azy. Jaona tsy nilaza hoe anjomara ilay izy. Izany dia tahaka ny anjomara. Ary raha misy anjomara tsofina dia misy zavatra tena maika momba izany. Toy ny mpiantsoantso, mpitondra hafatry ny mpanjaka, tonga amin’ ny vahoaka. Mitsoka ny anjomara izy. Izany dia antso maika. Mivory ny olona mba hiaino. [Israely mandrakariva dia tafavory amin’ ny feon’ny anjomara.] Misy zavatra manan-danja manakaiky “Henoy izany” Noho izany io feo io dia milaza zafatra maika tahaka ny nataon’ny anjomara. Mazàva sy mafy izany, manaitra sy mamoha. Oh, handre ny feon'Andriamanitra anie isika ho toy ny trompetra amin’izao andro izao, fa io ny` Trompetran’ny Filazantsara' maneno mamoaka ny `Tenin’ny Faminaniana' mba hahatonga antsika ahafantatra, sy ho vonona, amin’izay ho avy ety an-tany.

NY BAIKO MBA HANORATRA.
Apokalypsy 1:11,
"Manao hoe: Izaho no Alfa sy Omega, ny Voalohany sy Farany: Izay zavatra hitanao dia soraty eo amin'ny boky, ka alefaso ho any amin'ny fiangonana fito any Asia: Ho any Efesôsy, sy ho any Smyrna, sy ho any Pergamosy, sy ho any Tyatira, sy ho any Sardisy, sy ho any Philadelphia, ary ho any Laodikia."

Eto ilay izy. Ny Voalohany sy Farany, ny Alfa sy Omega: izany dia IZY REHETRA. Ilay Andriamanitra tokana sy marina. Ilay Feo sy ny Tenin'Andriamanitra. Ny zava-misy sy ny fahamarinana dia antomotra. Tena zavatra izany ao amin'ny Fanahy izany. Oh, mba ho eo anatrehan 'Andriamanitra, ary handre izay Lazainy..." Izay hitanao dia soraty ao amin'ny boky, ka alefaso ho any amin'ny fiangonana fito." Ilay feo izay namoaka ny Teniny tao amin'ny Saha Edena sy tao an-Tendrombohitry Sinai, dia ilay feo re ihany koa tao amin’ny hatsaran’ny voninahitry ny Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy, niverina namoaka ny feony indray, ary tamin'ity indray mitoraka ity dia ho an’ny fiangonana fito miaraka amin’ny fanambaràn'i Jesôsy Kristy feno sy farany.

"Soraty ny fahitàna ry Jaona. Raiso an-tsoratra izany ho amin’ny vanim-potoana izay tsy maintsy hanaraka, satria izy ireo no tena faminaniana marina TSY MAINTSY ho hitranga. Soraty ary alefaso, mba ho fantatra." Fantatr’i Jaona ilay feo. Oh, ho fantatrao izany feo izany rehefa miantso Izy raha toa ka iray amin'ny Azy ianao.

NY FANAOVAN-JIRO VOLAMENA.
Apokalypsy 1:12, *"Ary nitodika aho nizaha ilay feo niteny tamiko. Koa rehefa nitodika aho, dia nahita fanaovan-jiro volamena fito."* Jaona no tsy milaza fa nitodika mba hahita ilay iray izay ny feony dia reny, fa nitodika izy hizaha ilay feo. Oh, tena tiako izany. Nitodika izy mba hijery ilay feo. Ilay feo sy ilay olona dia iray ihany. I Jesôsy no ny TENY. Jaona 1:1-3, "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Izy dia tao amin'ny

amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany.Ny zavatra rehetra dia noforonona tamin’ny Alàlany, ary raha tsy Izy dia tsy nisy zavatra hary izay nohariana." Raha toa ianao ka mbola tena afaka ny hahita ny Teny dia ho hitanao Jesôsy.

Rehefa nitodika i Jaona dia nahita fanaovan-jiro volamena fito. Raha ny marina izy ireo dia fitoeran-jiro. Ary araka ny andininy faha- 20, dia ireo ny fiangonana fito: "ny fanaovan-jiro fito izay hitanao, dia ny fiangonana fito." Mba hisolo tena ny fiangonana dia tsy ho labozia izy ireo. Ny labozia mirehitra, fa avy eo dia may. Maty izany. Tsy misy tavela intsony ny aminy. Fa ny fitoeran-jiro manana toetra maharitra tsy hita ao amin'ny labozia.

Raha te-ahita sary tsara ny amin’ny fanaovan-jiro ianao dia vakio ny momba azy ao amin'ny Zakaria 4:1-6, *"Ary ilay anjely izay niresaka tamiko dia tonga indray, ka namoha ahy toy ny olona izay nofohazina tamin'ny torimasony. Ary hoy izy tamiko: Inona no hitanao? dia hoy aho: hitako fa, indro misy fanaovan-jiro volamena, misy fasiana diloilo eo an-tampony, ary ny fitoeran-jirony fito eo aminy, ary fantsona fito mankeo amin’ny fitoeran-jiro fito, izay eo ny tampony. Ary hazo oliva roa eo anilany, ny anankiray eo an-kavanan'ny fitoeran-diloilo, ary ny anankiray eo an-kaviany. Dia namaly aho ka niteny tamin'ilay anjely niresaka tamiko ka nanao hoe: Inona moa ireo, Tompoko? Ary ilay anjely niresaka tamiko dia namaly ka nanao tamiko hoe: Tsy fantatrao va ireo? Ary hoy aho: Tsia, Tompoko. Dia namaly izy ka nanao tamiko hoe: Io no tenin'ny TOMPO tamin'i Zerobabela, manao hoe: Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny `Fanahiko', hoy Jehovah Tompon'ny Maro."* Ity dia fitoeran-jiro iray hafa vita amin’ny volamena voadio. Izy dia miredareda satria be ny diloilony izay azony avy ao amin’ilay hazo oliva roa, izay mitsangana teo an-daniny. Ireo hazo roa ireo dia maneho ho ny Testamenta Taloha sy Vaovao, ary mazava ho azy fa ny diloilo dia maneho ny Fanahy Masina, Izay Izy irery ihany no afaka manome ny fahazavàn'Andriamanitra ho an'ny olona. Ary ny anjely izay niteny tamin'i Zakaria dia toa ny nilaza taminy hoe: "izao zavatra hitanao izao dia midika fa ny fiangonana tsy afaka manatanteraka na inona na inona amin'ny heriny na ny fahefany, fa amin'ny Fanahy Masina."

Ankehitriny diniho io fitoeran-jiro io. Ho hitanao fa misy lovia lehibe eo aminy, na ny fitahirizana, izay ivon'ny rantsana fito izay mivoaka avy ao aminy. Io lovia io dia feno menaka oliva izay mikoriana amin'ny alalan'ny lahan-jiro fito izay mipetraka ao amin'ny sampany fito. Io ihany ilay menaka mirehitra ka mahatonga hazavàna any amin'ny faran'ny fantsona fito. Izany jiro izany dia tsy maty na oviana na oviana. Ny mpisorona mitohy mandraraka diloilo amin’ny fitoeran-diloilo.

Ny jiro dia narehitra tamin'ny fomba hafa-kely. Voalohany, ny mpisorona dia maka afo avy amin'ny alitara masina izay tany am-boalohany narehitry ny afo'Andriamanitra. Ary nandrehitra izy, voalohany indrindra, ny jiro dia nipetraka teo an-tampon'ny fitoeran-diloilo. Avy eo izy dia mandrehitra ny jiro faharoa avy amin’ny lelafo teo amin' ny jiro voalohany. Ny jiro fahatelo nandray ny afony avy amin'ny jiro faharoa, tahaka ny faha-efatra nandray ny azy avy amin'ny fahatelo, sy ny sisa, mandra-pahatongan'ny jiro fito rehetra mirehitra. Io afo masina avy teo amin'ny alitara io, izay nafindra tamin’ny jiro mankao amin’ny jiro, dia tandindona mahagaga ny amin’ny Fanahy Masina ao amin'ny Vanim-potoanan’ny Fiangonana fito. Ny firotsahana Tany am-boalohany tamin’ny Pantekôsta [izany firotsahana izany dia tonga mivantana avy amin’i Jesosy teo amin'ny sezan’ny famindra-po] no nanome Ny Fiangonany namkivaky ny vanim-potoana fito, ary mampiseho fahalavorariana fa i Jesôsy Kristy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay, ilay Andriamanitra tsy miova na oviana na oviana amin’ny Fanaony sy ny Momba Azy.

Ao amin'ny Jaona 15 Jesôsy dia nanao hoe, "Izaho no Voaloboka, ianareo no sampany." Izy no tena Voaloboka, izay nivoaka avy amin’ilay fototra tany am-piandohana tao amin‘ilay voa tany am-boalohany izay manana ny fiainana ao aminy. Ary eto dia tsy ny voaloboka no mamokatra; fa ny sampana no manao izany. Jereo ary izao: Afaka maka ny hazon’ny voasary iray ianao tahaka ny hazon’ny laoranjy, ary ataonao grefy ao aminy ny tahon’ny hazo pampelimosa, ny tahon’ny

karazana voasary makirana, ny tahon’ny voasary tangelo, sy ny karazany hafa amin’io, ary ny tahony rehetra dia hitombo. Fa ireo tahony grefy ireo dia TSY hamoaka voasary laoranjy. Tsia tompoko. Ny tahon’ny voasary makirana dia hamoaka voasarimakirana, ary tahon’ny pampelimosa dia hamokatra pampelimosa sy ny sisa. Kanefa ireny tahony ireny dia hiroborobo avy ao amin’ny fiainana tao amin'ilay hazo ihany. Fa raha mamoaka sampan-kazo iray hafa ho azy manokana kosa io hazo io dia ilay sampana voasary laoranjy izany ary hamoaka laoranjy. Nahoana? Satria ny fiainana tao amin'ny tahony sy ny fiainana tao amin'ny vatany dia mitovy, izay tsy mba toy izany ny tamin’ireo grefy. Ireo sampana grefy ireo dia nanana ny loharano nipoirany amin’ny karazana fiainana hafa avy amin ‘ny hazo hafa, fakany hafa, avy amin’ny voa hafa. Oh, tena mamoa tokoa izy ireo, fa tsy hamoa voasary laoranjy izy. Tsy afaka izy ireo satria tsy ilay tany am-boalohany izy ireo.

Izany ny momban’ny fiangonana. Ny voaloboka dia notapahina, ary nisy taho natao grefy tao. Nataon’izy ireo grefy tao ny rantsana Batista, ny tahon’ny Metodista, ny tahon’ny Presbyteriana, ny tahon’ny Pentekotista. Ary ireo tahony ireo dia mamoaka Batista, Metôdista, Pentekôtista, sy vokatra Presbyteriana. [Voa vokarin’ny Anaram-piangonana] Fa raha mamoaka sampana iray hafa azy manokana ilay voaloboka, izany sampana izany dia ho tahaka ilay voaloboka mihitsy. Izany dia ho toy ny sampana izay nivoaka tamin'ny Pentekôsta. Hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra izany, maminany, ary manana ny hery sy ny famantarana ny nananganana an’i Jesôsy Kristy tamin’ny maty ao aminy. Nahoana? Satria izy dia miroborobo amin’ny zavatra voajanahary tao amin'ny voaloboka mihitsy. Hitanareo, izy tsy mba natao grefy tao amin'ilay voaloboka fa TERAKA tao amin' ilay voaloboka izy. Rehefa natao grefy tao ireo sampana hafa ireo, ny hany zavatra azon’ izy ireo atao dia ny mamoaka ny vokatra avy amin'ny tenany satria izy ireo tsy teraka tamin’io voaloboka io. Fa raha teraka avy amin’io izy ireo, ilay fiainana iray ihany izay tao amin’ilay solofo tany am-boalohany (Jesôsy) no ho tonga tao amin’izy ireo ary hiseho aminy. Jaona 14:12, *"Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa,: Izay mino Ahy, ny asa izay ataoko no hataony koa, ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Raiko."*

Ny antokom-pivavahana izay tarihin’olombelona dia tsy ho afaka ny naterak'Andriamanitra; fa ny Fanahy, FA TSY OLONA no manome fiainana. Mampientam-po tokoa ny mieritreritra ireo jiro fito misintona fiainana sy hazavàna avy amin’ny loharano tao amin’ilay fitoeran-diloilo satria ny lahan-jiron’izy ireo mitsoboka ao. Ny iraky ny vanim-potoan'ny fiangonana tsirairay dia aseho eto. Ny fiainany dia mirehitra amin'ny Fanahy Masina. Ny laha-jirony (fiainany) dia naroboka ao amin'i Kristy. Amin'ny alalan'ny izany lahan-jiro izany no hisintonany ilay tena fiainanan'i Kristy, ary avy amin'ny alàlan'izany no hanomezana hazavàna ho an'ny fiangonana. Inona no karazana hazavàna omeny? Ilay hazavàna iray ihany izay narehitra tao amin’ny jiro voalohany. Avy mitohy amin’ny vanim-potoana rehetra ka hatramin'izao andron’ny iraka amin’ny andro farany izao, ilay fiainana sy hazavàna iray ihany no niseho tamin'ny alalan'ny fiainana izay niafina tao amin'i Kristy, ao amin'Andriamanitra.

Tsy vitan'ny hoe afaka miteny toy izany isika momban’ny iraka, fa ny tena mpino marina rehetra dia miseho malalaka eto. Izy rehetra dia misintona avy ao amin'ilay loharano iray ihany. Izy rehetra dia natsoboka tao amin'ilay fasiana diloilo iray ihany. Maty ao amin'ny tenany sy ny fiainany izy ireo ary ny fiainany dia miafina ao amin'i Kristy, ao amin'Andriamanitra. Izy ireo dia nasiana tombokase tamin'ny alalan’ny Fanahy Masina. Efesiana 4:30, *"Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanaovana tombokase anareo ho amin'ny andro fanavotana."* Tsy misy olona afaka handrombaka azy ireo eny an- Tanany. Ny fiainan’izy ireo dia tsy azo hidirana. Ilay fiainana hita maso dia mirehitra sy mamirapiratra, manome hazavàna sy fanehoan 'ny Fanahy Masina. Ny anatiny, ny fiainana tsy hita maso dia miafina ao amin'Andriamanitra ary vokisan’ny Tenin'ny Tompo. I Satana dia tsy afaka mikasika azy ireo.na ny fahafatesana aza dia tsy afaka mikasika azy ireo, fa efa very ny tsindron’ny fahafatesana; efa very ny fandresen’ny fasana. Isaorana anie Andriamanitra, manana izany fandresena izany izy ireo ao aminy sy amin'ny

alalan'ny Jesôsy Kristy Tompo. Amena eny Amena.

TSY NY MPISORONA INTSONY.
Apokalypsy 1:13, *"Ary teo afovoan'ny fanaovan-jiro fito dia nisy Iray tahaka ny Zanak'Olona, niakanjo akanjo lava hatrany an-tongony sady nisikina teo amin'ny tratrany miaraka amin'ny fehin-kibo volamena."* Eo izy no mitsangana, Iray tahaka ny Zanak'olona. Toy ny firavaka izay tsara tarehy noho ny fisehon'ny peratra, Izy koa dia omem-boninahitra eo anivon'ny fiangonana. Io ny Andron'ny Tompo; Satria Jaona nahita Azy nitsangana teo tsy tahaka ny mpisorona, fa toy ny Mpitsara tonga. Ny fehin-kibo volamena dia tsy mihodidina ny andilany intsony izay tsy maintsy anaovan'ny mpisorona rehefa manompo an'Andriamanitra izy ao amin'ny Fitoerana Masina indrindra, fa ankehitriny io dia mihodidina ny Sorony, satria Izy ankehitriny dia tsy ny mpisorona , fa ny MPITSARA. Ankehitriny dia tanteraka Jaona 5:22, *"Fa ny Ray tsy mitsara olona, fa ny fitsarana rehetra dia nomeny ny Zanaka."* Ny fanompoany dia nomena Azy. Efa vita ny fisoronana (priesthood). Ny andron'ny faminaniana dia vita. Mitsangana misikina toy ny MPITSARA Izy.

NY VONINAHITRA FITO SOSONA MOMBA AZY.
Apokalypsy 1:14-16, *"Ary ny lohany sy ny volony dia fotsy tahaka ny volon'ondry, fotsy tahaka ny oram-panala, ary ny masony tahaka ny lelafo. Ary ny tongony tahaka ny varahina manganohano, tahaka ny mirehitra eo amin'ny fandrendrehana; ary ny feony toy ny firohondrohon'ny rano be. Ary eny amin'ny Tànany ankavanana misy kintana fito: ary mivoaka avy ao amin'ny vavany dia sabatra maranitra roa lela; ary ny tarehiny dia tahaka ny masoandro mamirapiratra amin'ny heriny."*

Tena lalina sy mampihetsika ny aingam-panahy ny fisehoan'i Jesosy tamin'i Jaona, izay natao sesitany noho ny amin'ny Teny, ary, indro, ilay TENY Velona ankehitriny dia mitsangana eo anatrehany. Tena fahitàna mamirapiratra izany, fa ny famaritana rehetra dia misy dikany. Tena fanambarana ny voninahitry ny maha Izy azy.

1. Ny Volon-dohany Fotsy tahaka ny Orampanala.
Jaona tamin'ny voalohany nanamarika ny fahafotsian'ny Volony. Fotsy ilay izy, ary mazava tahaka ny oram-panala. Io dia tsy nohon'ny Taonany. Tsia. Ny famirapiratan'ny fahafotsian'ny volony dia tsy milaza ny taonany fa ny traikefa, fahamatorana, ary fahendrena. Ilay Iray Mandrakizay dia tsy mety antitra. Inona ny fotoana eo anatrehan'Andriamanitra? Ny fotoana dia kely ny dikany eo amin'Andriamanitra, fa ny fahendrena no manan-danja. Izany dia tahaka an'i Solomona niantso an'Andriamanitra nangataka fahendrena hitsarana ny vahoakan'Isiraely. Ankehitriny dia tonga Izy, ny Mpitsara ny tany rehetra. Izy dia omena ny satroboninahitry ny fahendrena. Izany no dikan'ny volo fotsy nanjelanjelatra. Jereo izany ao amin'ny Daniela 7:9-14: *"Mbola nijery ihany aho mandra-pametraka ny seza fiandrianana, ary ny Fahagola no nipetraka teo, ny fitafiany dia fotsy toy ny fanala, ary ny volon-dohany toy ny volon'ondry madio; ny seza fiandrianany dia lelafo, ary ny kodiany dia afo mirehitra. Ony afo no nivoaka sy nandeha avy teo anatrehany; arivoarivo no nanompo Azy, ary alinalina no nitsangana teo anatrehany; nipetraka ny Mpitsara, ary novelarina ny boky. Dia mbola nijery ihany aho noho ny feon'ny teny mihoapampana notenenin'ilay tandroka; eny, nijery aho ambara-pamono ilay biby, ka nolevonina ny tenany, ary natao teo amin'ny afo mirehitra izy. Ary ny amin'ny biby sasany tavela, dia nesorina taminy ny fanapahany; kanefa nohalavaina ihany ny andro hiainany mandra-pahalanin'ny andro sy ny fotoana. Ary mbola nahita tamin'ny fahitàna tamin'ny alina ihany aho, ary, indro, nisy toy ny Zanak'Olona avy tamin'ny rahon'ny lanitra, ary nankeo amin'ny Fahagola Izy, dia nampanantonin'izy ireo teo anatrehany Izy. Ary nomena fanapahana Izy, voninahitra ary fanjakana, ka ny olona rehetra, firenena, sy samy hafa fiteny, dia tokony hanompo Azy; Ny fanapahany dia fanapahana maharitra mandrakizay , izay tsy handalo, ary ny fanjakany tsy ho rava."*

Izay ilay izy. Daniela dia nahita azy amin'ny volo fotsy. Izy no Mpitsara manokatra ny boky ary mitsara avy amin'izany. Daniela nahita Azy tonga avy eo amin'ny rahona. Izany indrindra no hitan'i

Jaona. Izy roa tonta samy nahita Azy mitovy tanteraka. Hitan'izy ireo ny Mpitsara miaraka amin'ny fehin-kibo Fitsarany natao teny an-Tsorony, mitsangana madio sy masina, feno fahendrena tanteraka, mahafeno fepetra mba hitsara izao tontolo izao amin'ny fahamarinana. Haleloia.

Na dia izao tontolo izao dia mahalala ny hevitr'ity famantarana ity, fa tamin'ny andro fahiny, ny mpitsara dia hita ary mampiantso fitsarana, nanao solo-volo fotsy lava sy akanjo lava izay midika ho fahatanterahan'ny fahefana (mitafy hatrany antapin-doha ka hatrany am-paladia mitafy) mba handrefy ny rariny.

2. Ny masony tahaka ny Afo.
Eritrereto izany. Ireo maso izay indray mandeha nanjavozavo -dranomaso tamin'ny alahelo sy ny fahoriana. Ireo maso izay nitomany tamin'ny fangoraham-po teo amin'ny fasan'i Lazarosy. Ireo maso izay tsy nahita ny ratsy teo amin'ireo mpamono olona izay nanantona Azy teo amin'ny hazo fijaliana, fa tamin'ny alahelo niantso hoe: *"Raiko mamelà ny helony."* Ary ireo masony dia lelafo ankehitriny, ilay mason'ny Mpitsara Izay hamaly ireo izay nandà Azy. Amin'ny fihetseham-po maha olona, ny tena Nanehoany fony Izy nipoitra ho toy ny Zanak'Olona dia ity iray ity, nitomany matetika Izy. Kanefa ao ambadik'izany fitomaniana sy ny alahelo izany dia mbola misy Andriamanitra. Ireo maso ireo ihany no nahita fahitàna. Mijery lalina ao am-pon'ny olona, ary mamaky ny tena eritrerin'izy ireo sy mahafantatra ny fomban'izy ireo rehetra isan-karazany. Nidedadeda avy ao amin'ny mason'ny olona mety maty Andriamanitra, Ilay nitaraina tamin'ireo izay tsy nahalala Azy ny amin'ny maha Izy azy, *"...Raha tsy mino ianareo fa Izaho no Izy, dia ho faty amin'ny fahotanareo."* Jaona 8:24. *"Raha tsy manao ny asan'ny Raiko Aho, dia aza mino Ahy. Fa raha manao Aho (ny asan'ny Raiko Aho), na dia tsy mino Ahy aza ianareo, dia minoa ny asa..."* Jaona 10:37,38. Tahaka an'i Jeremia fahiny, Izy dia ilay mpaminany nitomany, satria ny olona tsy nandray ny Tenin' Andriamanitra ka nanilika ny fanambaràna.

Ireo maso afo midedadedan'ilay Mpitsara dia mandrakitra ny fiainan'ny nofo rehetra amin'izao. Mandeha manerana ny tany, tsy misy zavatra izay tsy Fantany. Fantany ny faniriana ao am-po sy ny zavatra tian'ny tsirairay hatao. Tsy misy na inona miafina izay tsy haseho, satria ny zavatra rehetra dia miharihary eo Anatrehan' Ilay resahintsika. Eritrereto ny momba izany, Fantany eny fa na dia izay eritreretinao izao aza.

Eny, mijoro tahaka ny Mpitsara Izy miaraka amin'ny maso midedadeda mba handrefy ny fitsarana. Tapitra ny andron'ny famindram-po. Enga anie, ny olona ka hibebaka sy hitady ny Tarehiny amin'ny fahamarinana raha mbola misy koa ny fotoana. Mba hanaovan'izy ireo ondana ny Tratrany alohan'ny hiempon'izao tontolo izao ao amin'ny afo.

3. Ilay tongotra ny varahina.
"Ary ny tongony tahaka ny varahina manganohano, hoatra ilay voadio teo amin'ny fandrendrehana iny." Ny varahina dia fantatra amin'ny hamafiny. Tsy misy na inona na inona fantatra afaka apetraka miaraka aminy hanamafisana azy. Fa io varahina izay mamaritra ny tongony io dia tena mbola miavaka teo amin'ny nijoroany tamin'ny fitsapàna ny lafaoro mirehitra, izay fitsapana tsy nandalovan'olon-kafa. Ary izany no tena marina. Fa ny varahina dia midika Fitsaràna avy amin'Andriamanitra: fitsarana izay didy navoakan'Andriamanitra ary tanterahiny. Jaona 3:14-19, "Ary tahaka ny nanandràtan'i Mosesy ilay menarana tany an-efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak'olona: koa izay rehetra mino Azy mba tsy ho very, fa hanana fiainana mandrakizay. Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanany Lahy Tokana, koa izay rehetra mino Azy tsy ho very, fa hanana fiainana mandrakizay. Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin'izao tontolo izao hanameloka azy; fa mba ho vonjena amin'ny alalany izy. *Izay mino Azy dia tsy helohina; fa izay tsy mino dia efa voaheloka sahady, satria izy tsy nino ny Anaran'ny Zanaka lahy Tokan'Andriamanitra. Ary izao no fanamelohana, dia ny fahazavàna tonga amin'izao tontolo izao, ary ny olona tia ny maizina nohon'ny mazava, satria ratsy ny asany."* Nomery 21:8-9, *"Ary hoy*

Jehovah tamin'i Mosesy: Manaova ianao menarana afo, ka ahantòny amin'ny hazo lava, ary izao no zavatra hitranga, izay rehetra voakaikitra, raha mijery izany dia ho velona. Ary Mosesy dia nanao menarana varahina, ka nataony teo amin'ny tsato-kazo, ary izao ny zava-nitranga, rehefa voakakitry ny menarana ny olona, ka nijery ilay menarana varahina, dia velona." Isiraely efa nanota. Ny fahotàna tsy maintsy ho hotsaraina. Noho izany Andriamanitra dia nandidy an'i Mosesy mba hametraka ny menarana varahina teo amin'ny hazo lava, ary izay nijery dia voavonjy tamin'ny sazin'ny ny fahotàny.

Ilay menarana varahina teo amin'ny hazo lava dia mampiseho ny fahotàna avy ao amin'ny Saha Edena, izay namitahan'ny menarana an'i Eva, ka nahatonga azy hanota. Ny varahina dia miresaka fitsarana, araka ny hita ao amin'ny alitara varahina izay ny sazin'ny ota dia mifanehitra amin'ny sorona eo ambonin'ny alitara. Rehefa notsarain'Andriamanitra Isiraely noho ny fahotany tamin'ny andron'i Elia, dia nampihantona ny orana Izy ary ny lanitra mirehitra tonga tahaka ny varahina. Ary ao amin'io fanoharana io dia hitantsika fa ny menarana teo amin'ny tsato-kazo dia mampiseho fahotàna efa notsaraina, satria izy natao tamin'ny varahina, mampiseho fa ny fitsarana Masina dia efa nianjera tamin'ny fahotana. Ary na iza na iza nijery ny menarana eo tamin'ny tsato-kazo, manaiky ny dikan'ny izany, dia sitrana, fa izany no asa na ny famonjen'ny Tompo.

Ilay menarana teo amin'ny hazo lava dia tandindon'ny nahatongavan'i Jesosy ety an-tany mba hanatanteraka. Izy dia tonga nofo mba hitondra eo Aminy ny fitsaran'Andriamanitra noho ny ota. Ny fototry ny alitara fandoroana ny fanatitra dia varahina mafy, maneho ny Zanak'ondry voavono talohan 'ny fanorenana izao tontolo izao. Ny fitsarana dia efa natao teo Aminy, eny fa na dia mbola tsy nisy mpanota aza. Ny famonjena dia avy amin'ny Tompo tanteraka, Izy irery no nanosihosy ny famiazam-boaloboka ny divain'ny firehetan'ny ny fahatezeran'Andriamanitra. Ny lokon'ny fitafiany dia jaky tamin'ny ràny. Ny lafaoro mirehitry ny fitsarana marina sy ny fahatezeran'Andriamanitra dia ny anjarany. Niaritra Izy, ny Marina hamonjy ny tsy marina. *"Hianao no miendrika, ry Zanakondrin 'Andriamanitra, fa efa nanavotra anay tamin'ny rànao Ianao."*

"Izy dia noratraina nohon'ny fandikan-dalàntsika, notorotoroina noho ny helontsika, ny fanasaziana ny amin'ny fiadanantsika dia nentiny, ary nohon'ny dian-kapoka taminy dia sitrana isika. "Ny Tompo dia nitondra teo Aminy ny helotsika rehetra. Tsy mbola nisy lehilahy nijaly tahaka Azy.Eny na dia teo alohan'ny ny hazo fijaliana aza Izy dia efa nandatsaka hatsembohana mitete lehibe tahaka ny rà avy tao amin'ny vatany toy ny fangirifiriana mafy mialoha ny fahoriana, ny rà dia nipatrapatraka tao amin'ny lalandràny. Lioka 22:44: *"Ary fadiranovana Izy dia nivavaka mafimafy kokoa ary ny hatsembohany dia tahaka ny rà lehibe mitete amin'ny tany."*

Fa indray andro any ireo tongotra varahina ireo, dia hitsangana eto an-tany. Ary ho Mpitsara ny tany rehetra Izy, ary izany dia amin'ny fahitsiana sy fahalavorariana no Hitsarany ny zanak'olombelona. Ary tsy hisy afaka handositra izany fitsarana izany. Tsy misy fihodinana amin'izany fitsarana izany. Tsy hisy fitezerana amin'izany. Izay tsy marina ho tsy marina ihany; izay maloto dia ho mbola hihaloto ihany. Ilay Iray Tsy Miova dia tsy hiova, satria Izy tsy mbola nanao izany ary tsy hanao izany mihitsy. Ireo tongotra varahina, dia hanorotoro ny fahavalo. Izy ireo no handringana ny antikristy, ny bibidia sy ny sariny sy izay rehetra ratsy eo Imasony. Izy no handrava ny rafitry ny fiangonana izay naka ny Anarany, hanimba ny famirapiratany ary hanorotoro azy ireo miaraka amin'ny antikristy. Ny ratsy fanahy rehetra, ny tsy mino an'Andriamanitra, ny tsy mahalala sady tsy mety mino, ny maodernista, ny liberaly, dia ho ao avokoa. Ny fahafatesana, helo, ary ny fasana no ao. Eny ho ao izy ireo. Fa rehefa tonga Izy, ny boky dia hosokafana. Izany dia rehefa hipoitra ny fiangonana matimaty sy ny virjiny dimy adala. Hanasaraka ny ondry amin'ny osy Izy. Rehefa tonga Izy dia handray ny fanjakana satria Azy izany, ary miaraka Aminy ny anarivony ampitomboina anarivony, ny Ampakarina, izay tonga hanompo Azy. Voninahitra! Oh, izany dia ankehitriny na tsy misy intsony. Mibebaha dieny mbola tsy tara loatra. Mifohaza amin'ny maty ary mitadiava an'Andriamanitra mba ho feno ny Fanahiny fandrao tsy ho azonao ny fiainana

mandrakizay. Ataovy izany izao ankehitriny izao raha mbola misy ny fotoana.

4. Ny Feony Tahaka ny Firohondrohon'ny Rano Be.
Ary inona io rano io? Mihainoa izany ao amin'ny Apokalypsy 17:15, *"...ny rano efa hitanao,... dia olona, vahoaka betsaka sy firenena maro ary samy hafa fiteny."* Ny Feony dia tahaka ny feon'ny vahoaka marobe. Inona izany? Izany dia ny fitsarana. Fa izany no feon'ny vavolombelona marobe, izay tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina nandritra ny vanim-potoana nifandimby, nijoro ho vavolombelon'i Kristy sy nitory ny Filazantsarany. Izany dia ny feon'ny olona tsirairay mitsangana amin'ny fitsarana manohitra ireo mpanota tsy manaiky ny fampitandremana. Ny feon'ny anjely fito dia ho re mafy sy mazava. Ireo mpitory mahatoky, izay nitory ny herin'i mahavonjin'i Jesôsy, izay nitory batisan'ny rano amin'ny Anaran'i Jesosy, izay nitory ny in- famenoana ny herin'ny Fanahy Masina, ireo izay nitsangana nohon'ny Teny mihoatra nohon'ny nijoroany tamin'ny fiainany; izy rehetra ireo dia ny feon'ny Kristy Jesosy tamin'ny Fanahy Masina nandritra ny vanim-potoana nifandimby. Jaona 17:20, *"Tsy mivavaka ho an'ireto ihany Aho, fa ho an'ireo izay mino Ahy koa nohon' ny tenin'izy ireo."*

Fantatrareo ve fa mampatahotra tokoa ho an'ny olona iray ny ho voan'ny katarakta? Hevero ankehitriny izany feo mirondrona izany, ary azo antoka fa ampanantoniny ny loza. Ary toy izany ny fahatongavan'ny andro fitsarana, rehefa miapanga anao ny fieron'ny feo marobe satria noraharahianao mandra-pahatonga izany ho tara loatra. Mitandrema,amin' izao ora izao. Fa amin'izao fotoana izao ny eritreritrao dia voarakitra any an-danitra. Ary ny eritreritrao dia miteny mafy noho ny teninao. Tahaka ny Fariseo izay nilaza be tamin'ny vavany, fa tsy nihaino ny Tompo, ny fony lasa naloto sy ratsy mandra-pahatongany ho tara loatra, eny fa na dia izao ankehitriny aza dia mety ity ny antso farany ho anao mba handrenesanao ny Teny ka handraisana izany ho amin'ny fiainana mandrakizay. Efa tara loatra rehefa manatona ny fieron'ny ny feo maron'ny fitsarana sy ny loza.

Fa voamarikao ve anefa fa mamy sy mampilamina ny feon'ny rano? Tiako ny manjono, ka tiako ny mahita ny toerana misy rano izay mibitsibitsika ao ny onja madinika mivalombalona. Azoko atao ny mitsilany ka mihaino izany miresaka fiadanana, fifaliana sy haravoana ao am-poko. Akory izany hafaliako mamikitra ao amin'ny fitodian-tsambon'ny fialan-tsasatra izay handrenesana ny Tompo miteny fiadanana sy fahafaliam-po ato anatiko, tahaka ny nambàran' ny rano fanadiovan'ny Teny. Tokony ho velom-pankasitrahana isika raha mandre ny Feon'ny fitiavany, ny fitahiany, ny fitarihiny ary ny fiarovany. Ary indray andro any isika dia handre izany feo mamy izany, tsy amin'ny fitsarana, fa tonga soa ho antsika, izay ny fahotany dia voavela tamin'ny Ràny, ny fiainany feno ny Fanahy, ary ny lalany tao amin'ny Teny. Inona no mety ho sarobidy kokoa noho ny mandre ny feo fandraisan'ny vahoaka marobe ary hodidin' ireo vahoaka izay efa nino ho amin'ny fiainana mandrakizay?

Oh, tsy misy na inona na inona tahaka izany. Mivavaka aho mba handre ny Feony ianareo, ka tsy hanamafy ny fonareo, fa handray Azy ho toy ny Mpanjakanareo. Oh, raha mety hahita izany ianao. Izany dia ny rano izay nandrava an'izao tontolo izao, nefa io rano io ihany ny rano izay namonjy an'i Noa, ary koa namonjy ny tany manontolo ho an'ny Noa. Henoy ny feony, ny feon'ny Mpanompony, miantso ho amin'ny fibebahana sy fiainana.

5. Eny An-Tànany Ankavanana Misy Kintana Fito.
"Ary nanana kintana fito Izy teny an-tànany ankavanana." Ary mazava ho azy fa efa fantatsika ao amin'ny andininy faha- roapolo ny dikan'ireo kintana fito ireo. "Ary ny zava-miafina ny amin'ny kintana fito dia ny anjelin'ny (iraka) fiangonana fito." Ankehitriny dia tsy afaka manao fahadisoana isika eto na amin'ny inona na inona, araka izay Handikany izany ho antsika. Ireo kintana fito dia ny iraka ho amin'ny vanim-potoanan'ny fiangonana fito nifanesy. Izy ireo tsy mba nisy anarana niantsoina azy. Nivoaka ho fito ihany izy ireo, anankiray isaky ny vanim-potoana. Nanomboka

tamin’ny vanim-potoana Efesôsy mitohy mankany amin'ity vanim-potoana Laodikia ity, ny iraka tsirairay dia nitondra ny hafatry ny fahamarinana ho amin'ny olona, tsy diso na oviana na oviana tamin’ny fitandremana ny Tenin'Andriamanitra tamin’izany vanim-potoanan’ny fiangonana miavaka izany. Ny tsirairay dia nihazona izany. Mafy orina izy ireo tamin’ny tsy fivadihany tamin’ny fahazavana tany am-boalohany. Raha ny vanim-potoana tsirairay dia nihataka tamin'Andriamanitra, ny Mpitondra Hafatrany mahatoky kosa dia namerina izany vanim-potoana izany ho amin’ny Teny. Ny herin’izy ireo dia avy amin'ny Tompo, raha tsy izany izy ireo dia tsy afaka namefy izany.

Tsy manan-tahotra izy ireo eo Aminy, fa na inona na inona tsy afaka handrombaka azy ireo eny an-Tànany, na hampisaraka azy ireo amin’ny fitiavana an’Andriamanitra, na aretina, loza, fitanjahana, mosary, ny sabatra, fiainana na fahafatesana. Izy ireo dia tena nanolo-tena ho Azy ary niaro ny maha-Mahefa ny zavatra rehetra Azy. Tsy niahiahy momba ny fanenjehana izay tonga tamin’ny lalany izy ireo. Ny fijaliana sy ny esoeso dia, fa mahatonga fanomezana voninahitra an'Andriamanitra, ka natao mendrika ny hijaly ho Azy izy ireo. Ary amin'ny fankasitrahana noho ny Famonjeny dia mirehitra amin'ny hazavàna teo amin'ny Fiainany izy ireo, ary taratry ny Fitiavany, Faharetany, Fahalemem-panahiny, Fahononam-pony, Fifehezan-tenany, ary ny Fahatokiany. Ary Andriamanitra nanohana azy ireo tamin’ny zava-mahatalanjona, famantarana ary fahagagana. Nolazaina fa mafana fo tafahoatra izy ireo, na mpitabataba. Ny fikambanana dia niapanga azy ireo ary naneso, fa izy ireo kosa nihazona tamim-pahamarinana ny Tenin'Andriamanitra. Ankehitriny dia tsy sarotra ny mitsangana sy hitandrina ny fanekem-pinoana iray. Mora izany, satria ny devoly dia ao ambadik’izany rehetra izany. Saingy zavatra hafa ny atao hoe marina amin’ny Tenin'Andriamanitra sy ny fiverenana amin’izay navoakan’ny Teny tany am-boalohany taorian'ny Pentekôsta.

Tsy ela akory izay, nisy lehilahy nilaza tamiko fa ny fiangonana Katolika Romana no tsy maintsy ho ny fiangonana marina satria izy efa marina tamin’izay ninoany nandritra ny taona maro, ary nitombo foana fa tsy miova. Tsy toy izany mihitsy. Ny fiangonana rehetra miankina amin'ny fanjakàna, sy amin’ny fanekem-pinoana izay tsy ny Teny velively, ary tsy misy asa fanompoana miseho mba hahatonga ny devoly hitraotra, dia azo inoana fa afaka hanohy izany. Izany dia tsy fepetra. Fa rehefa mihevitra ireo vondrona kely ianareo izay ny ratsambatany dia notsofàna, nomena ny liona, nenjehina miala amin’ny andry mankeo amin’ny tohana kanefa dia nijanona ho mpakato ny Teny-- ankehitriny tena azo antoka fa tsy maintsy Andriamanitra izany. Endre ny nivoahan’izy ireo tamin’ny adin’ny finoana ary mbola mitohy hatrany: IZANY no fahagagàna.

Ary izany fampiononana izany dia tsy ho an'ny iraka amin’ny vanim-potoan'ny fiangonana fito ihany. Ny mpino marina rehetra dia eo an-tànan'Andriamanitra ary afaka misintona avy amin’ny Fitiavany sy ny Heriny, ary mandray ny tombotsoa fenon’Andriamanitra ho an’ny mpino. Izay nomen’Andriamanitra ny iraka, ary ny fomba Hitahiany sy Ampiasàny ny mpitondra hafatra, dia ohatra iray ho an’ny mpino rehetra ny amin’ny Fahatsarany sy ny fikarakarany ny mpikambana REHETRA ao amin’ny Tenany. Amena.

6.Ny Sabatra Roa Lela.
"Ary sabatra roa lela maranitra no nivoaka avy ao amin'ny Vavany." Ao amin'ny Hebreo 4:12, *"Fa ny Tenin'ny Andriamanitra dia velona sy mahery ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy, ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo."* Avy ao amin'ny Vavany no nivoaka ilay sabatra roa lela izay ny TENIN'ANDRIAMANITRA. Apokalypsy 19:11-16, "*Ary nahita lanitra nisokatra aho, ary indro, soavaly fotsy; ary Izay nitaingina azy dia atao hoe Mahatoky sy Marina, ary amin'ny fahamarinana no Hitsarany sy hiadiany. Ny masony tahaka ny lelafo, ary tamin'ny Lohany nisy diadema maro; ary nanana anarana voasoratra Izy, izay tsy nisy nahalala, afa-tsy ny Tenany ihany. Ary nitafy akanjo voafafy rà Izy; ary ny Anarany atsoina hoe Ny Tenin'Andriamanitra. Ary ny antokon'ny miaramila any an-danitra nanaraka Azy, samy nitaingina soavaly fotsy sy niakanjo*

rongony madinika sady fotsy no madio. Ary nivoaka avy ao amin'ny Vavany ny sabatra maranitra, fa amin'io no Hikapohany ny firenena; ary Izy hanapaka azy ireo amin'ny tehim-by; ary manitsaka ny famiazam-boaloboky ny firehetan'ny fahatezeran' Andriamanitra Tsitoha Izy. Ary eo amin'ny Lambany sy eo amin'ny Feny Izy dia misy anarana voasoratra, MPANJAKAN' NY MPANJAKA SY TOMPON'NY TOMPO."

Jaona 1:48, *"Hoy Natanaela Taminy: taiza no nahafantaranao ahy? Dia namaly Jesôsy ka nanao taminy hoe: Talohan'i Filipo niantso anao, tamin'ny ianao teo ambanin'ny aviavy, hitako ianao."* Izay ilay izy. Rehefa tonga Izy, izany Teny izany dia ho avy hamely ny firenena rehetra sy ny olona rehetra. Ary tsy hisy olona afaka hijoro hanohitra an'izany. Izany dia hampiseho ny ao am-po rehetra tahaka ny nataony tamin'i Natanaela. Ny Tenin'Andriamanitra dia haneho izay nanao ny sitrapon'Andriamanitra sy izay tsy nanao. Izany dia hampiseho ny asa-miafina nataon'ny olona rehetra sy ny antony nanaovany an'izany. Hanasaraka izany. Izany no voalazany ao amin'ny Romana 2:3, *"Ary heverinareo izao, ianao, izay mitsara an'ireo izay manao izany zavatra izany kanefa manao izany koa, dia ho afa-mandositra ny fitsaran'Andriamanitra?"* Dia mitohy milaza izy avy eo ny amin'ny fomba hitsaran'Andriamanitra ny olona. Eto dia ao amin'ny andininy faha- 5 ka hatramin'ny 17.

Ny mafy fo tsy mety mibebaka dia ho tsaraina. Ny asa hotsaraina. Ny antony manosika hanao izany hotsaraina. Tsy misy fanavakavahana eo anatrehan'Andriamanitra; fa ny rehetra dia hotsarain'izany Teny izany, tsy misy afa-mandositra aminy. Ireo izay nandre ka ninia tsy hihaino dia hotsaraina araka izay henony. Ireo izay nijanona tamin'izany ary nilaza hoe nino izany fa tsy niaina taminy dia ho tsaraina. Ny tsiambaratelo rehetra dia ho sokafana hiharihary ary ambara avy eny amin'ny tampon'ny trano. Oh, tena hahatakatra ny tantara isika. Tsy hisy zava-miafina ho tavela amin'ny vanim-potoana rehetra.

Fantatrareo ve fa Izy no mampiseho ny zava-miafin'ny fon'ny lehilahy sy vehivavy amin'ity vanim-potoana ity, izay iainantsika? Iza ihany koa no mety afaka hanambara ny zava-miafina ao am-po raha tsy ny Teny, ny Tenany? Hebreo 4:12 , *"Fa ny Tenin'Andriamanitra dia velona sy mahery, ka maranitra noho ny sabatra roa-lela, manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy, ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo."* Ny Teny izany. Manantanteraka amin'izay anirahana azy Izy, satria Izy (ny Teny) dia feno hery. Izany dia ilay Fanahy iray ihany izay tao amin'i Jesôsy (ny Teny) izay mbola eo amin'ny fiangonana amin' ity vaim-potoana farany ity ho toy ny famantarana farany hampitodi-doha ny olona tsy ho eo amin'ny fitsarana, satria izay rehetra mandà Azy (ny Teny) ankehitriny dia efa tonga ao amin'ny fitsarana, mamantsika Azy indray. Hebreo 6:6, *"Raha mihemotra izy ireo, ny hanavao azy ireo indray ho amin'ny ny fibebahana; ary hita fa fantsihin'izy ireo ao amin'ny tenany indray ny Zanak'Andriamanitra, ka manao Azy ho fahamenarana."*

Ary Paoly nilaza fa ny Teny dia tonga tamin'ny hery ary koa ny feo. Ny Teny izay notoriana dia nampiseho ny tenany. Toy ny lelafo, sabatra manapaka mankao amin'ny feon'ny fieritreretan'ny olona, ary tahaka ny antsin'ny mpandidy, izany dia manapaka ny aretina sy manafaka ny babo. Na taiza na taiza nalehan'ireo mpino tany am-boalohany, "nandeha nitory ny Filazantsara izy ireo (Teny) ary Andriamanitra dia nanamafy izany Teny izany tamin'ny famantarana izay manaraka." Ny marary sitrana, ny demonia noroahina, ary izy ireo niteny tamin'ny fiteny vaovao. Izany no Teny am-perin'asa. Io Teny io dia tsy mbola diso tao am-bavan'ny Kristianina mino. Ary amin'ity vanim-potoana farany ity dia miha-mahery sy miha-lehibe izany nohon'ny hatramin'izay, ao amin'ny tena Teny ampakarina. Oh, ry ondry vitsy, ry vitsy an'isa, hazony hatrany ny Teny, fenoy izany ny vavanao sy ny fonao, ary indray andro any homen'Andriamanitra anao ny fanjakana.

7. Ny Tarehiny Tahaka ny Masoandro.
"Ary ny Endriny dia tahaka ny masoandro mamirapiratra amin'ny heriny."

Matio 17:1-13, *"Ary nony afaka henemana, Jesosy dia naka an'i Petera sy Jakoba ary Jaona rahalahiny ka nitondra manokana azy ireo niakatra tany amin'ny tendrombohitra avo iray. Ary niova tarehy teo anatrehan'izy ireo Izy, ka ny Tarehiny namirapiratra tahaka ny masoandro, ary ny Fitafiany tonga fotsy tahaka ny mazava. Ary, indro, niseho tamin'izy ireo Mosesy sy Elia, niresaka Taminy. Dia namaly Petera ka nanao tamin'i Jesosy hoe: Tompoko, tsara amintsika ny eto; raha Sitrakao, aleo isika hanangana tranolay telo eto; ny anankiray ho Anao, ny anankiray ho an'i Mosesy ary ny anankiray ho an'i Elia. Raha mbola niteny izy, indro, nisy rahona mazava nanarona azy ireo; ary injao, nisy feo avy tao amin'ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako Malalako, Izay sitrako; Izy no henoy. Ary nony nandre izany ny mpianatra, dia lavo niankohoka sy raiki-tahotra. Ary Jesosy nankeo amin'izy ireo ka nikasika azy, ary nanao hoe: Mitsangàna, ary aza matahotra. Ary rehefa nanopy ny masony izy ireo, dia tsy nahita olona teo afa-tsy Jesosy irery ihany. Ary rehefa nidina avy tao an-tendrombohitra izy ireo, dia nandrara azy ireo Jesosy ka nanao hoe: Aza lazaina na iza na iza ny fahitàna, mandra-pahatongan'ny Zanak'Olona hitsangana amin'ny maty. Ary ny mpianany nanontany Azy ka nanao hoe: Nahoana ary no ilazan'ny mpanora-dalàna fa Elia tsy maintsy ho avy aloha? Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Elia dia avy ihany, ka hampody ny zavatra rehetra. Fa Izaho kosa milaza aminareo fa efa tonga Elia, ary izy ireo tsy nahafantatra azy, fa nataon'izy ireo taminy izay tiany. Toy izany koa ny hijalian'ny Zanak'Olona amin'izy ireo. Dia fantatry ny mpianatra fa Niresaka tamin'izy ireo izy ny amin'i Jaona Mpanao-batisa Izy."*

Ary ao amin'ny Matio 16:28 mialoha ny Matio 17:1-13, i Jesosy nilaza hoe: *"...Misy ny sasany mitsangana eto izay tsy mba hanandrana fahafatesana mandra-pahitany ny Zanak'Olona tonga amin'ny Fanjakany."* Ary ny apostoly telo no nahita izany - - ny lamin'ny Fiaviany Fanindroany. Nahita Azy niova tarehy teo antampo-tendrombohitra izy ireo. Ny Fitafiany fotsy midedadeda ary ny Tarehiny namirapiratra tahaka ny masoandro amin'ny heriny. Ary teo rehefa niseho Izy, dia nitsangana Mosesy sy Elia teo an-daniny. Izany indrindra ny fomba Hiaviany indray. Marina tokoa fa ho avy ihany i Elia ka hampody ny fon 'ny zanaka (ampakarina) hitodika ho any amin'ny Teny Fampianaran' ireo Apostoly ray. Malakia 4:5-6, *"Indro Izaho haniraka aminareo Elia mpaminany dieny tsy mbola tonga ny andron'ny Tompo lehibe sy mahatahotra; Ary izy hampody ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny fon'ny zanaka ho amin'ny ray, fandrao ho avy aho hamely ny tany amin'ny ozona."*

Israely dia efa firenena. Efa miorina ary manana ny miaramilany izy ankehitriny, tafika an-dranomasina, paositra, sainam-pirenena, sy izay rehetra mikasika ny maha-firenena. Fa mbola misy Soratra Masina tsy maintsy tanteraka izay milaza hoe: *"...hisy firenena hateraka indray andro va?..."* Isaia 66:8. Izany andro izany dia ho avy tsy ho ela. Ny aviavy mitsimoka. Ny Israelita miandry ny Mesia. Miandry Azy izy ireo ary ny fanantenan'izy ireo dia efa ho tanteraka. Ho teraka indray Ara-panahy ny Isiraely, satria ny Fahazavàny sy ny Fiainany dia efa aseho azy.

Ao amin'ny Apokalypsy 21:23, *"Ary ny tanàna tsy mba mila ny masoandro na ny volana hamirapiratra ao aminy; fa ny voninahitr'Andriamanitra no nanazava azy, ary ny Zanak'ondry no hazavàna ao."* Izany no Jerosalema Vaovao. Ny Zanak'ondry ho ao amin'izany tanàna izany, nohon'ny amin'ny Fanatrehany, dia tsy misy ilàna hazavàna intsony. Ny masoandro tsy mba hiposaka sy hamirapiratra any, fa Izy no Masoandro sy Hazavàna ao, Izy Tenany. Ary ny firenena izay miditra ao dia handeha amin'ny Fahazavàny. tsy faly ve ianareo fa izany andro izany dia eo amintsika? Jaona dia nahita izany andro izany ho avy. Eny, Jesosy Tompo, tongava faingana!

Malakia 4:1-3, *"Fa indro , avy ny andro izay handoro toy ny lafaoro; ary ny mpirehareha rehetra , eny sy izay rehetra manao ratsy dia ho vodivary; ary ny andro izay ho avy no handoro azy ireo, hoy Jehovah Tompon'ny Maro, ka tsy hasiany miangana, na ny fakany na ny sampany. Fa ianareo izay matahotra ny Anarako dia ny Masoandron'ny Fahamarinana hitsangana miaraka amin'ny fanasitranana ao amin'ny Elany; ka dia hivoaka ianareo ary mitombo toy ny ombivavy kely ao amin'ny fihinanam-bilona. Ary ianareo hanitsakitsaka ny ratsy fanahy; fa izy ho lavenona eo ambanin'ny faladianareo amin'ny andro*

izay hanaovako izany hoy Jehovah Tompon'ny Maro." Mbola ao indray ilay izy. Ny MASOANDRO mamirapiratra amin'ny heriny rehetra. Oh, ny herin'ny ny Zanak 'Andriamanitra mamirapiratra eo afovoan'ny fanaovan-jiro volamena fito.

Eo Izy no mitsangana, Ilay Mpitsara, ilay Iray izay nijaly sy maty ho antsika. Nentiny teo Aminy ny fahatezeran'ny fitsaran'Andriamanitra. Nanosihosy ny famiazam-boaloboka ny firehetan'ny fahatezeran'Andriamanitra irery Izy. Araka ny efa voalazantsika, ho an'ny mpanota ny Feony dia toy ny feon'ny riandrano mianjera na ny fivelin'ny onjan'ny fahafatesana teo amin'ny morontsiraka feno vato. Fa ho an'ny olo-masina, ny Feony dia tahaka ny feon'ny lohasahan-driaka mihira mahafinaritra rehefa mandry miala-sasatra iny ianao, afa-po ao amin'i Kristy. Mamirapiratra eo amintsika miaraka amin'ny taratry ny hafanan'ny fitiavany, Hoy izy: *"Aza matahotra, Izaho no Ilay Nisy, Ilay Misy, Ilay Ho Avy, Izaho no Tsitoha. Ankoatra Ahy dia tsy misy hafa. Izaho no Alfa sy Omega, IZANY REHETRA IZANY."* Izy no Lisy eny an-Dohasaha, ny Kintana Mamirapiratra Fitarika Andro. Izy ilay tsara indrindra amin'ny alinalina ho an'ny fanahiko. Eny, izany andro lehibe izany dia vonona ny hiposaka, ary ny Masoandron'ny Fahamarinana hitsangana miaraka amin'ny fanasitranana ao amin'ny Elany.

ILAY KRISTY MPANDRESY.
Apokalypsy 1:17-18, "Ary raha nahita Azy aho, dia niankohoka teo amin'ny tongony tahaka ny maty. Ary nametraka ny Tànany an-kavanana teo amiko Izy ka nanao hoe: Aza matahotra; Izaho no Voalohany sy Farany, Izaho Ilay velona ka maty, ary, indro velona mandrakizay Aho, Amena, sady manana ny fanalahidin'ny helo sy ny fahafatesana."

Tsy misy olombelona afaka mahatanty ny fiantraikan' izany fahitàna izany.Tena lasa tokoa ny heriny, Jaona dia niankohoka teo amin'ny Tongony toy ny maty. Fa ny tanan'ny Tompo tao amin'ny fitiavana no nikasika azy, sy ny feon'ny fitahiana nanao hoe, "Aza matahotra. Aza manahy. Izaho no Voalohany sy Farany. Izaho Ilay velona ka maty, indro Aho velona mandrakizay mandrakizay." Inona ny natahorana tao? Ny fitsarana izay nihatra Taminy teo amin'ny hazo fijaliana, tao amin'ny fasana, ary rehefa nidina Izy dia ho antsika. Nentiny ny ratran'ny ota rehetra ary tsy misy fanamelohana intsony ankehitriny ho an'ireo izay ao amin'i Kristy Jesôsy. Jereo fa marina tokoa fa ny "Mpampanoa lalànantsika" dia ny "Mpitsarantsika". Sady "Mpampanoa Lalàna" Izy no "Mpitsara" Amin'ny maha Mpitsara "ny raharaha dia milamina" -- vita izany. Tsy misy intsony izany ankehitriny ny fanamelohana. Nahoana no tokony hatahotra ny fiangonana? Inona no teny fikasàna tsy notanterahiny tamintsika? Nahoana izy no matahotra famaizana na fahafatesana? Efa resy daholo izany rehetra izany.

Eto ilay mpandresy mahery. Eto Ilay Iray Nandresy ny tontolo hita-maso sy ny tsy hita. Tsy tahaka an' Alexander (Alexandre Le Grand), izay naharesy an'izao tontolo izao tamin'ny faha telo amby telo-polo taonany, fa tsy nahalala lalana hafa hiviliana handresena bebe kokoa, ka dia maty niharan'ny fahotana sy ny fiainana misy fikomiana. Tsy tahaka an'i Napoléon, izay nandresy an'i Eoropa manontolo fa farany dia resy tao Waterloo, ary natao sesitany tany Elba, mba hahitàny ny tenany hoe resy. Fa Kristy dia tsy misy na inona na inona afaka handresy Azy. Ilay nidina ankehitriny dia niakatra ambonin'ny zavatra rehetra, ary ho Azy dia nomena ny Anarana izay ambonin'ny anarana rehetra Izy. Eny naharesy ny fahafatesana Izy, ny helo sy ny fasana, ary manana ny fanalahidy amin'izany. Izay vahany dia mivaha, ary na inona na inona feheziny dia voafehy. Tsy misy miova ny amin' izany. Tsy misy mpandresy talohany, ary tsy misy hafa eo anilany. Izy irery ihany no Mpamonjy, Mpanafaka. Izy IHANY no Andriamanitra; ary "Jesosy Kristy Tompo" no anarany.

"Aza matahotra ry Jaona. Aza matahotra, ry ondry vitsy. Fa Izaho izany rehetra izany, ianao no mpandova izany. Ny heriko rehetra dia anareo tahaka ny hitsanganako eo anivonareo. Tsy tonga mba hitondra tahotra sy tsy fahombiazana Aho, fa fitiavana sy herim-po ary traikefa. Ny fahefàna

rehetra nomena Ahy ary ianareo no hampiasa azy. Miteny ny Teny ianareo, ary Izaho no hanantanteraka izany. Izany no Fanekeko ary tsy ho levona na oviana na oviana izany."

NY KINTANA FITO SY FANAOVAN-JIRO.
Apokalypsy 1:20, "Ary ny zava-miafina ny amin'ny kintana fito izay efa hitanao teny an -tanako ankavanana sy ny fanaovan-jiro volamena fito. Ny kintana fito dia ny anjelin'ny (iraka) fiangonana fito: ary ny fanaovan-jiro fito izay hitanao dia ny fiangonana fito."

Efa nahafantatra ny fahamarinana ny amin'ireo zava-miafina roa ireo isika. Oh, tsy nanambara isika hoe iza ireo anjely fito ireo, fa noho ny fanampian'Andriamanitra dia ambarantsika, ary izany zava-miafina izany ho tanteraka. Ny vanim-potoana fito efa fantatsika. Izy ireo dia voatanisa ao amin'ny Teny, ary hiditra amin'ny tsirairay isika ka ho tonga ao amin'ity taona farany izay iainantsika ity.

Fa indray mitopimaso farany amin'ity toko ity, dia jereo Izy Mitsangana eo afovoan'ny ny fitoeran-jiro volamena sy ny kintana fito eny an Tànany an-kavanana. Oh, tena mahatalanjona ny mahita Azy nijoro teo, ao amin'ny Fara-tampony maha Andriamanitra Azy. Izy no Mpitsara, ny Mpisorona, ny Mpanjaka, ny Voromahery, ny Zanak'ondry, ny Liona, ny Alfa sy ny Omega, ny Fiandohana sy ny Fiafaràna, ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina, dia ilay Nisy, ilay Misy, ilay Ho Avy, dia ny Tsitoha, NY REHETRA AMIN'NY REHETRA. Eo Izy, ilay Mpamorona sy Mpamarana. Mendrika izany Zanak'ondry izany! Noporofoiny ny Fahamendrehany tamin'ny Nividianany ny famonjena antsika tamin'ny alàlan'ny Tenany. Ankehitriny Izy dia Mitsangana amin'ny Heriny rehetra sy ny Voninahiny rehetra ary ny zavatra rehetra natolotro Azy amin'ny maha mpitsara.

Eny, mitsangana eo afovoan'ny fitoeran-jiro Izy, miaraka amin'ny kintana eny an-Tànany. Tonga ny alina izay ampiasantsika jiro hanazava, izany dia rehefa hita ny kintana mamirapiratra sy tarafin'ny fahazavàn'ny masoandro. Ary dia maizina izany. Ny fiangonana dia mandeha amin'ny finoana ao amin'ny maizina. Ny Tompony niala tety an-tany, fa ny Fanahy Masina dia mbola mamirapiratra amin'ny alàlan'ny fiangonana, manome hazavàna izao tontolo izao, tranainy amin'ny ozon'ny fahotàna. Ary ireo kintana ireo dia taratry ny Hazavàny koa. Ny hany jiro ananany dia ny Hazavàny. Tena maizina anie izany - - hatsiaka ara-panahy. Kanefa rehefa tonga eo afovoany Izy dia mazava sy mafàna, ary ny fiangonana dia mahazo hery ary amin'ny Alàlany no manao ny asa izay Nataony.

Oh, raha mba mijery Azy isika toy ny nataon'i Jaona. Olona tokony manao ahoana isika, nitsangana teo Anoloany tamin'izany andro izany! Raha tsy mbola nanome ny fiainanao ho Azy ianao, dia enga anie ianao ka hamerina ny fonao ho an'Andriamanitra amin'izao fotoana izao, ary handohalika amin'izay toerana misy anao izao, ary mangataka famelan-keloka Aminy nohon'ny amin'ny fahotanao, ary hatolory ny fiainanao ho Azy. Avy eo isika dia hiezaka mba hanatona ny Vanim-potoanan'ny Fiangonana fito rehetra; Ary raha manao izany isika dia enga anie Andriamanitra hanampy ity mpanompony tsy mendrika ity hanambàra ny Teniny aminareo.